# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Aogositra 2018

# 3 **Zoma**
aogositra

**Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra ; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha. Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy.** Efesiana 2. 8-10

## Finoana sy asa

*Inona no ifandraisan'ny finoana sy ny asa ?*

Izany fanontaniana izany no ivon'ny Fanitsiam-pivavahana tamin'ny taonjato faha-16. Nefa tamin'ny taonjato faha-5 i Saint-Augustin dia efa nanohitra olona iray antsoina hoe Pélage, momba io lohahevitra io. Ary raha vao niandoha ny fivavahana kristiana, dia voatery ny apostoly Paoly nanohitra ireo izay nitady handidy ny olona hanaraka ny lalànan'i Mosesy, ho fanampin'ny finoana, raha te hoeken'Andriamanitra.

Isika dia mora mirona amin'ny fiheverana hoe tsy maintsy manao zavatra, mba ho mendrika ny fankasitrahan'Andriamanitra. Ho an'ny sasany, izany dia ny fivahiniana masina, ho an'ny hafa dia vavaka, ho an'ny hafa ihany koa dia asa soa, na firotsahana hanampy eo amin'ny fiarahamonina, sns. Nefa ny Baiboly dia mampianatra antsika mazava fa tsy misy, na inona na inona, amin'ireo zavatra ireo, afaka hahatonga antsika ho marina eo anatrehan'Andriamanitra, satria „tsy hamarinina amin'ny asan'ny lalàna ny olona" (Galatiana 2. 16). Diso ihany koa ny mihevitra fa tsy maintsy ampiana asa ny finoana, mba haha voavonjy. Izany mantsy dia midika ho fahatokiana amin'ny ampahany fotsiny ihany ny fahasoavan'Andriamanitra sy amin'ny ampahany, tsy maintsy ilaina, ny asa ataon'ny tena. Nefa dia mazava tsara ny Romana 3. 28, hoe ; „Finoana no anamarinana ny olona, fa tsy ny asan'ny lalàna".

Mifamadika amin'izany, diso ny mampifanohitra ny finoana sy ny asa, satria ny finoana no miteraka asa tsara, toy ny hazo manome ny voany. „Tsy vanona ny finoana tsy misy asa" (Jakoba 2. 20).

Azo ambara toy izao ny Filazantsara : ny finoana dia mandray famonjena lavorary avy amin'Andriamanitra ary mamokatra asa. Ireo izay mino ny Filazantsara dia tsy vitan'ny hoe novonjena ho afaka amin'ny fahotany fotsiny, fa novaina ihany koa, noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Koa satria efa novonjena izy ireo, dia taomina hanao izay ankasitrahin'Ilay nanolotra ny ainy ho azy ireo.